TARATASY MISOKATRA HO AN'NY FILOHAN'NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA SY HO AN'IREO MANAM-PAHEFANA

Andry lehibe iray amin'ny fanavaozam-pirenena eto Madagasikara ny tontolo iainana sy ny fahaizamitondra ny harena voajanahary.
Tsy safidy izany fa fepetra takian'ny tena fampandrosoana lovainjafy ho an'ny firenena.

Andriamatoa Filohan'ny Fanavaozana eto Madagasikara,

Ry Tompokolahy sy Tompokovavy solontenan'ny andrim-panjakana sy ny minisitera voakasika,
Ny 4 Septambra 2026, folo volana taorian'ny taratasy misokatra izay nosoratana tamin'ny 25 Oktobra 2025 ho an'ny Filohan'ny Fanavaozana, dia nanatanteraka fivoriana fanaovana tombana ireo fikambanan'ny firaisamonim-pirenena misehatra amin'ny tontolo iainana sy ny toetr'andro (OSCEC) ka hita fa tena misy tokoa ny fandrosoana azo tsapain-tanana, saingy mbola tsy ampy raha ireo laharam-pahamehana dimy no jerena: ny tsimatimanota ara-tontolo iainana, ny ala, ny tetikasa lalana "Voie rapide" TATOM, ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany sy ny solika, ary ny fitantanana andrim-panjakana ao amin'ny Ministeran'ny Tontolo lainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy (MEDD). Amin'ny tsirairay amin'ireo sehatra ireo dia manolotra fangatahana mazava sy azo tanterahina ireo OSCEC, atolotra ny Filohan'ny Fanavaozana sy ny andrim-panjakana ary ny ministera tompon'andraikitra voakasika. Ambarany ihany koa ny fananganana ny COSCEM, rafitra fanaraha-maso ataon'ny olom-pirenena, hitondra ireo fangatahana ireo maharitra sy hitatitra ampahibemaso ny fizotrany.

Ny Fanavaozana dia varavarana manan-tantara misokatra hamaritana indray ny fifandraisan'ny Firenena Malagasy amin'ny harena voajanahary ananany. Tapa-kevitra ny handray anjara biriky feno amin'izany ireo fikambanan'ny firaisamonim-pirenena misehatra amin'ny tontolo iainana sy ny toetr'andro (OSCEC). Ny ampitson'ny fiovam-pitondrana (25 Oktobra 2025), izay tontosa noho ny tsindry nataon'ny hetsiky ny Gen Z sy ny vahoaka, dia fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana miisa 434 misehatra amin'ny tontolo iainana no nanolotra taratasy misokatra ho an'ny Filohan'ny Fanavaozana, nampahatsiahy fa ny tontolo iainana sy ny fahaizamitondra ny harena voajanahary no antoky ny fahavelomana sy ny tena fampandrosoana lovainjafy eto Madagasikara.
Manakaiky ny herintaona taty aoriana, faly mahatsikaritra ireo OSCEC fa nisy ny fihainoana sy ny fahatsapan'ireo mpitondra kokoa ny lanjan'ity sehatra ity: ny tafa ataony isan'andro, ny fandraisany anjara manokana amin'ireo hetsika momba ny tontolo iainana, ary ny fanomezam-boninahitra ireo olomendrika eo amin'ny sehatra.

Manaiky ihany koa ireo mpanao sonia fa nisy ny dingana azo tsapain-tanana:

- Ny fanamafisana ireo tambajotra fiambenana eny ifotony, izay nahafahana nisambotra tortoa maherin'ny 1 200, tamin'ny fandraisan'anjaran'ny mpampanoa lalàna, ny zandary ary ny mpanao gazety.
- Ny fandaniana ny lalàna momba ny Filankevitra Ara-toekarena, Ara-tsosialy ary Ara-kolontsaina (CESC), izay manome toerana lehibe ho an'ny tontolo iainana.
- Fanolorana Didy Fiarovana Vonjimaika hoana faritra arovana vaovao miisa 21 sy ny fankatoavana iraisampirenena (Label Blue Park) valan-javaboary an-dranomasina arovana vaovao telo nambara tamin'ny fiafaran'ny Fihaonana an-tampony momba ny Jono tao Mombasa: Nosy Tanikely, Nosy Hara ary Sahamalaza.
- Ny fanavaozana ny Fehezan-dalàna momba ny Jono sy ny fampandrosoana ireo faritra an-dranomasina tantanan'ny mponina ifotony (LMMA).
- Ny fanomezana sehatra malalaka ny fiarahamonim-pirenena sy ny tanora, indrindra ny Gen Z, amin'ny fifampiresahana sy ny fifampidinihana.

Mendrika hohamafisina ireo dingana ireo: rehefa hentitra ny fitondram-panjakana dia haingana ny vokatra azo.

Na izany aza, dia mba sintoninay ny sainao amin'ireto sehatra manaraka ireto izay hanasarotra ny fanatratrarana ny tanjon’ny Drafipirenena 30x30 hoan’ ny karazajavamananaina nankatoavin’i Madagasikara raha tsy mandray fepetra sahaza:

Fanjakana tan-dalàna, tsimatimanota, heloka sy fanondranana an-tsokosoko ara-tontolo iainana, fiarovana ireo mpiaro sy ireo mpitoroka

- Tsy mihatra ho an’ny fiarovana ny tontolo iainana ny fampiharana n'y lalàna eto Madagasikara. Ireo vondron’olona nandrava ny faritra arovan'i Makira ohatra, izay nandoro tanàna iray manontolo sy birao telon'ny VOI koa, dia novotsorin’ny Fitsarana ambaratonga voalohany (TPI) ao Maroantsetra tamin'ny fomba tsy azo ekena tamin’ny volana aogositra teo
- Ny lalàna momba ny fiarovana ireo mpiaro ny zon'olombelona sy ireo mpitoroka (DDH/LA), izay miaro indrindra ireo mpisehatra ara-tontolo iainana mampiharihary ny heloka sy ny fanondranana an-tsokosoko harena voajanahary, dia tsy mbola nolanian’ny solombavambahoaka hatramin’izao, ka mamela ireo mpikatroka ara-tontolo iainana tsy manan-kiarovan-tena manoloana ny fitorohany ireo heloka ara-tontolo iainana maro sy tsy mitsahatra.
- Mitohy ny heloka ara-tontolo iainana noho ny tsy fahampian'ny fandraisan'andraikitry ny manam-pahefana eny anivon'ny faritra, na dia eo aza ireo hetsika mahomby ataon'ny vondrom-piarahamonina: tambajotran'ny mpisehatra voalamina sy rafitra fampilazana loza eny ifotony (dina, lakolosim-piangonana). Ireo lalàna momba ny fandikan-dalàna ara-tontolo iainana dia mikendry indrindra ny fandotoana sy ny fako indostrialy, tsy dia ampiharina firy, ary tsy mitovy ny fomba fikirakiran'ny fitsarana ireny antontan-taratasy ireny arakaraka ny faritra.

Ala, fambolen-kazo ary doro ala

- Mbola tsy mahafa-po ny ezaka fambolen-kazo: raha izao mitohy dia ho very ny 93 %-n'ny velaran'ala tamin'ny 1950 i Madagasikara amin'ny 2050. Tsy misy rafitra mifehy ny fitrandrahana ala an-tanan'olon-tsotra, nefa avy amin'ny tany fananan'ny fianakaviana tsy voafehin-dalàna no ihavian'ny ankamaroan'ny hazo fandrehitra. Mbola tsy tanteraka velively ny Paikady Nasionaly momba ny Famatsiana Hazo Fandrehitra, ary mbola tsy naparitaka ny didim-panjakana momba ny hazo fandrehitra, izay tokony hisoroka mialoha ny krizin'ny arina fandrehitra.
- Saika mbola tsy anaty teti-bolam-panjakana mihitsy ny ady amin'ny doro ala, nefa hektara maherin'ny dimy tapitrisa no faritra lalovan’ny afo isan-taona eto Madagasikara noho ny antony samihafa (fambolena, fiompiana, hankasoparana, etc…), miaraka amin'ny fiantraikany tsy azo ompanina intsony eo amin'ny tontolo iainana, ny sosialy ary ny toekarena.

Fandrobàna tany, tetikasa lalambe migodàna TATOM

- Ny fanamboarana ny lalana “voie rapide” Antananarivo–Toamasina, izay voatsikera teto Madagasikara sy tany ivelany satria mikasa hanivatsiva ireo faritra arovana manan-danja, dia mitohy, nefa efa nanambara ny fitondrana fanavaozana fa misy ny safidy hafa, dia ny "lalan'ny vary" mampitohy an’ Alaotra, Bealanana ary ny Avaratra manontolo, izay tsy handalo faritra arovana no mahasoa kokoa amin'ny lafiny rehetra ho an'i Madagasikara. Ilaina foana kanefa ny fanaovana tombana izany fiovàna izany hahafahana mamaritra raha tena laharampahamehana hoan’ny firenena ny tetikasa any amin’iny faritra iny
- Ny lalana vaovao nofaritana ho an'ny fizarana voalohany dia mandalo 500 metatra manatrika ny faritra arovan'Antsahabe ary efa nanototra tanimbary maherin'ny 200 hektara. Kilaometatra 75 no efa nototofana ary 65 kilaometatra no efa vita goudron amin'ireo 80 kilaometatra kasaina hovitaina alohan'ny faran'ny taona 2026, nefa tsy mbola nisy famoahana ofisialy ny lalana nofaritana na fankatoavana mangarahara ny fanadihadiana momba ny fiantraikany nataon'ny Ivon-toerana Nasionaly ho an'ny Tontolo Iainana (ONE).
- Ny ambiny amin'ny lalana kasaina hodiavina sy ny hoavin'ny tetikasa dia tsy mbola nisy fifampidinihana na fampahafantarana ofisialy mihitsy, ka mampatahotra anay fa mbola voarahona hatrany ny lala-maitson'i CAZ (Ankeniheny–Zahamena).

Sehatry ny harena an-kibon'ny tany sy ny solika

- Niverina indray ny fanomezana fahazoan-dàlana ny 26 Janoary 2026 ka fahazoan-dàlana fitrandrahana harena an-kibon'ny tany manodidina ny 3 000 no efa nomena, tsy nisy mangarahara na fanombanana ara-tontolo iainana sy ara-tsosialy tena natao, ka fandikana ny Fanekena Malalaka, Mialoha ary Amim-pahalalana (CLIP) an'ireo vondrom-piarahamonina izany, araka ny asehon'ireo tranga maro voarakitra manerana ny nosy
- Ny fampiasàna ny Fanambaràna ho Asa Ilain'ny Besinimaro (DUP) ho amin'ny tanjona tena manokana kosa dia mbola manaisotra ny tanin'ireo vondrom-piarahamonina ifotony ho tombontsoan'ireo mpitrandraka harena an-kibon'ny tany, tsy misy onitra ara-drariny.
- Ireo fifanarahana amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany sy ny solika misy ankehitriny dia tsy mampidibola sahaza mifanaraka amin'ny lanjan'ireo harena stratejika ho an'ny Fanjakana Malagasy.

Haitondran’ny andrim-panjakàna: fanendrena, teti-bola ary zon'ireo vondrom-piarahamonina ifotony

- Latsadanja loatra ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy (MEDD) eo anivon’ny governemanta (faha-23 amin'ny 27 amin'ny arofenitra), tsy ampy entimanana sy lanja ara-panjakana ilainy hampiharana ny lalàna manoloana ny heloka ara-tontolo iainana, raha tsy hitanisa afa-tsy ny fanafihana misesisa tatoato ny faritra Arovana Makira.
- Ny teti-bolam-panjakana natokana ho an'ireo sehatry ny harena voajanahary dia tsy mifanaraka amin'ny fanehoan’ny Fanjakana ny haitondra mahomby azy ireo (1,2 % ho an'ny tontolo iainana sy ny ala, 0,3 % ho an'ny jono ary 0,1 % ho an'ny harena an-kibon'ny tany), izany dia mbola anisan’ny antony manazava ny firohatry ny fanondranana an-tsokosoko sy ny fanaovana varoboba ny harena stratejika.
- Ny fahalemen'ny fiarovana ara-dalàna ireo Vondron'Olona Ifotony (VOI), izay mpitantana ny harena voajanahary eny anivon'ny fiaraha-monina, dia mampiharihary ny mpikambana ao aminy amin'ny valifaty, araka ny hita ao Makira.
- Ny fanendrena ny Tale rehetra eo anivon’ny Ministera dia tsy misy dingana fanadihadiana mazava na fitiliana ny fahaiza-manao voafaritra.

Ireo OSCEC, na mpanao sonia ny taratasy tamin'ny 25 Oktobra 2025 na niditra tato aoriana tamin'ity ezaka ity, dia manolotra ireto fangatahana manaraka ireto ho an'ny Filohan'ny Fanavaozana sy ireo andrim-panjakana ary ireo ministera tompon'andraikitra:

Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblikan'i Madagasikara

- Ataovy lalan-kizorana stratejikan'ny fanavaozam-pirenena ny Fampandrosoana maitso sy mampandray anjara ny rehetra, ka handrafitra ny politikam-panjakana, ny fampiasam-bola ary ny safidy ara-toekaren'ny firenena.
- Ambarao ampahibemaso fa hosaziana mafy manomboka izao ny doro ala, na ao anatin'ny faritra arovana na any ivelany.
- Manendre mpanolotsaina manokana momba ny tontolo iainana sy ny harena voajanahary eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika.
- Tandremo mba tsy hisy olona voarohirohy amin'ny fanondranana an-tsokosoko harena voajanahary hisahana andraikitra eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika na eo anivon'ireo andrim-panjakana.

Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana

- Asandrato ny toeran'ny tontolo iainana, ny toetr'andro ary ny harena voajanahary ao anaty lalàm-panorenan'i Madagasikara.
- Ampidiro ao anatin'ny vina sy ny tanjon'ny Repoblikan'i Madagasikara ny Fampandrosoana maitso sy mampandray anjara ny rehetra.

Antenimierampirenena

- Ampidiro ao anatin'ny fandaharam-potoana ary ankatoavy tsy misy hatak'andro ny volavolan-dalàna momba ny fiarovana ireo mpiaro ny zon'olombelona sy ireo mpitoroka,

izay efa vita dikany ara-teknika nataon'ny Komity Misahana ny Fanavaozana ny Lalàna Heloka Bevava.
- Ankatoavy tsy misy hatak'andro ny volavolan-dalàna momba ny VOI ary havaozy ny lalàna GELOSE (Gestion Locale Sécurisée des ressources naturelles).
- Foano ireo fepetra mamela ny fampiasana ny DUP ho amin'ny tanjona tena manokana, izay ampiasaina hakana an-keriny tany ho tombontsoan'ireo mpisehatra tsy miankina amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany ka manala amin'ireo vondrom-piarahamonina ifotony ny taniny.
- Fehezo amin'ny alalan'ny lalàna ireo fifanarahana hoavy amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany sy ny solika, mifototra amin'ny fanaraha-maso nohamafisina ataon'ny Fanjakana, mitovy amin'ny modely katarianina.

Fiadidiana ny Praiminisitra
- Asondroty ny arofenitry MEDD mba hifanaraka amin'ny lanjan'ny lokanady sy ny maha-mihatra amin'ny sehatra rehetra azy, ary avereno ny fitaovampiadian'ireo OPJ (Officiers de Police Judiciaire)) amin'ny asany maha-mpitandro filaminana azy.
- Omeo antoka ny fifampidinihana amin'ireo mpisehatra rehetra sy ny fanadihadiana momba ny fitondran-tena ho an'ny fanendrena Tale rehetra (eo anivon'ny faritra sy nasionaly) eo anivon'ny ministera.
- Hazavao ny andraikitry ny manam-pahefana eny anivon'ny faritra sy eny antsehatra hoan'ny tontolo iainana ary omeo azy ireo ny lalàna sy ny fitaovana ilainy.

Ministeran'ny Fiarovam-pirenena
Omeo andraikitra hisakana sy hanasazy ny heloka ara-tontolo iainana ary handray anjara amin'ny fisorohana ny doro ala ny tafika, indrindra amin'ny alalan'ny famoronana sakan'afo manodidina ireo faritra arovana.

Ministeran'ny Fitsarana
Ampiharo ny politika famaizana mirindra momba ny fandikan-dalàna ara-tontolo iainana, eny amin'ny faripiadiadian'ny fitsarana rehetra amin'ny fomba entitra sy mitovy.
Araka n'y lalàna velona dia sambory na havereno amponja foana ireo voarohirohy amin'ny fitsofohana na fandrobana anaty Faritra arovana na ny fanimbana na fandorana fananampanjakana na fananan'olontsotra mifandraika amin'izany (Tranga ao Makira, Mantadia, Ankeniheny-Zahamena, etc…).

Ministera misahana ny Fanavaozana
- Ampidiro ao anatin'ny tanjon'ny fanavaozana ny fampandrosoana maitso sy mampandray anjara ny rehetra.
- Ampidiro ao anatin'ireo fikaonandohampirenena ireo fanapahan-kevitra ara-politika sy stratejika navoakan'ity atrikasa momba ny tontolo iainana nataon'ny firaisamonimpirenena ity.
- Mirosoa lalina amin'ny haitondra sy ny lokanady ara-tontolo iainana, izay fototry ny toekarena lovainjafy ho an'i Madagasikara.

Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola
Ampitomboy betsaka ny teti-bolan'ny MEDD, indrindra ho amin'ny ady amin'ny afo sy ny ady amin'ny ireo fandikan-dalàna momba ny ala sy ny tontolo iainana.

Ministeran'ny Harena an-kibon'ny tany
Omeo antoka ny fahatanterahan'ny CLIP (Consentement libre, informée et préalable) amin'ny tetikasa fitrandrahana rehetra ary ataovy fanadihadiana tsy miankina ireo fahazoan-dàlana nomena hatrany ampiandohan'ny famoahana vaovao.

Ministeran'ny Asa Vaventy
- Avoahy amin'ny fomba ofisialy ny lalana efa voafaritra ankehitriny ho an'ny tetikasa TATOM, misy fandinihana ireo tolo-kevitra avy eny ifotony.
- Atombohy ny tena mangarahara sy ny fikaonandoha momba ny hoavin'ny tetikasa.
- Antsoy ho amin'ny fivoriana tsy ara-potoana ny Komity Mpitari-dàlana sy Mpanara-maso (COS) ary omeo antoka, alohan'ny fanohizana ny asa, ny fanonerana ireo mponina

manodidina, na dia ireo tsy manana taratasin-tany aza, mifototra amin'ny fifanakalozana mivantana eo amin'ny Samcrete sy ireo fokontany, arahin'ny firaisamonim-pirenena.

Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Iovainjafy

- Avoahy ary ampiharo avy hatrany ny didim-panjakana momba ny hazo fandrehitra.
- Ataovy azo antoka, miaraka amin'ny ONE, ny mangarahara amin'ny fanadihadiana momba ny fiantraikan'ny tetikasa lalana “voie rapide” TATOM.
- Ampiharo tsy an-kanavaka ny EESS (Fanombanana Stratejika Ara-tontolo iainana sy Ara-tsosialy) any amin'ny faritra rehetra eto Madagasikara, anisan'izany ny CLIP, mialoha ny tetikasa rehetra.

Fitsarana momba ny Kaonty (Cour des Comptes)

Ataovy audit ireo fandaniana efa natao tamin'ny tetikasa TATOM ary avoahy tatitra manazava mangarahara ny fikorianan'ny vola.

Fanambarana ny fananganana ny Confédération des Organisations de la Société Civile Environnementale de Madagascar (COSCEM)

Rafitra tsy ara-panjakana ahafahan'ireo fikambanana mpanao sonia:

- Mitondra tari-dàlana iraisana mamaritra ny laharam-pahamehana amin'ny asa fanentanana sy ny fizarana andraikitra.
- Miantoka maharitra ny fanaraha-maso ataon'ny olom-pirenena ireo fanambin'ireo mpanapa-kevitra ary mitatitra ampahibemaso izany.
- Mivory farafahakeliny isan-taona, araka ny tamberin’andraikitra efa natao, hanavaozana ny tombana sy ny laharam-pahamehana amin'ny adisisika.
- Mandrindra ny hetsika ataony isan'andro ao anatin'ny sehatra iombonana ifanakalozana.
- Miara-miasa amin'ireo manam-pahefana ho amin'ny fahombiazan'i Madagasikara, ny fahasalaman'ny mponina ao aminy ary ny fiarovana sy ny fanomezan-danja ny lova voajanahary ananany.

Ny COSCEM dia maniry mafy ireo fifanakalozana amin'ny Filohan'ny Fanavaozana sy ireo andrim-panjakana voakasika momba ny fampiharana ireo fangatahana ireo. Hanara-maso izany izy ary handray anjara, eo anilan'ny Fanjakana sy ny sehatra tsy miankina tompon'andraikitra, amin'ny Fanavaozana mametraka ny tontolo iainana sy ny toetr'andro ho ivon'ny vinany sy ny asany.

Antananarivo, ny 07 Septambra 2026

Ny komity mpikarakara

- AIKA
- Alliance Voahary Gasy (AVG)
- Initiative pour le Développement, la Restauration écologique et l'Innovation (INDRI)

Ireo manao sonia hatramin’ny 10 Septambra 2026:

- AIKA
- Alliance Voahary Gasy (AVG)
- Ankoay
- Arongampanihy Culture Communication Environnement (ACCE)
- Association Antenaigny Madagascar (AAM)
- Association des Ingénieurs Forestiers de Madagascar (AIFM)
- Association des jeunes créatifs et innovateurs (AJCI)
- Association des jeunes pour la Restauration, la Gestion durable des ressources Naturelles et l'Aide sociale (ReGeNa)
- Association des Journalistes de l'Environnement (AJE)
- Association leader des jeunes de Fort-Dauphin (ALJF)
- Association Mitsinjo Arivonimamo
- Association of English Spoken American (AESA)
- Betania Ouest Toliara

- Birao Ifandraisan'ny Mpampiofana eo amin'ny Tontolon'ny Tantsaha (BIMTT)
- Bôndy Green Army (BGA)
- Centre ARRUPE Madagascar (CA-MDG)
- Climate Action Madagascar
- Coalition Nationale de Plaidoyer Environnemental (CNPE)
- Collectif des OSCs des jeunes Engagés Atsimo Andrefana (COJEAA)
- Communauté en Action pour le Développement Durable (CADD)
- CONCRETisation des droits humains et Solidarité (CONCRET-S/Human Rights)
- Coopérative Manampy
- Droits Humains Océan Indien - Madagascar (Dis-moi Madagascar)
- Ezaka ho Fampandrosoana any Ambanivohitra (EFA)
- FAmbolena FIompiana TOntolo iainana/Fiangonana Loterana Malagasy (FAFITO/FLM)
- Fanamby
- Fanentanana ny Fambolena sy Fiompiana Synodam-Paritany Avaratrimania (FAFAFI/SPAM)
- Focus Mikea
- GenZ Madagascar
- Green
- Groupement d'Etude et de Recherche sur les Primates de Madagascar (GERP)
- Groupement des Organisations de la SOciété Civile KOMANGA BOENY (GOSOC KOMANGA)
- Hazo Kely (HK)
- IDEM Planet
- Initiative pour le Développement, la Restauration écologique et l'Innovation (INDRI)
- IrayDia
- Jeunes Actifs pour le Développement Durable Madagascar (JADD MDG)
- Jeunes Techno-Verts
- Kaoperativa Arina Maitso / Coopérative de la Révolution Verte (KARMA)
- Madagascar Voakajy
- Meteo Antoka Hampamiratra TSara aN'i GasYkara (MAHATSANGY)
- Miaboo Development
- Miaradia
- Mikea Iraike
- Missouri Botanical Garden - Madagascar (MBG-MAdagascar)
- Mitantana Harena AndRanomasina sy Isy morontsiraka eny Ifotony (MIHARI)
- Mitsinjo Andasibe
- Mouvement Jeunesse et Citoyenneté (MJC)
- MSIS Tatao
- New Opportunity to Support Youth and Women (NOSYW)
- Obs Mada Betsiboka
- Observatoire National des Droits Humains (ONDH)
- Organisation de la Société Civile sur les Industries Extractives (OSCIE)
- Plate-Forme Nationale des Organisations de la Société Civile de Madagascar (PFNOSCM)
- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile Alaotra Mangoro (PFROSC Alaotra Mangoro)
- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile Amoron’i Mania (PFROSC Amoron'i Mania)
- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile Analanjirofo (PFROSC Analanjirofo)
- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile Androy (PFROSC Androy)
- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile Anosy (PFROSC Anosy)
- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile Atsimo Andrefana (PFROSC Atsimo Andrefana)
- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile Atsinanana (PFROSC Atsinanana)
- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile Boeny (PFROSC Boeny)
- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile Ihorombe (PFROSC Ihorombe)

- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile Itasy (PFROSC Itasy)
- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile Matsiatra Ambony (PFROSC Matsiatra Ambony)
- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile Melaky (PFROSC Melaky)
- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile SAVA (PFROSC SAVA)
- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile Sofia (PFROSC Sofia)
- Plate-Forme Régionale des Organisations de la Société Civile Vatovavy (PFROSC Vatovavy)
- Ravintsara
- Razan'i Vohibola
- Réseau des Jeunes pour le Développement Durable (RJDD)
- Réseau Namako Ny Tany (NNT)
- Rohy
- Royal Botanic Gardens, Kew
- Saha Telo
- Sampan'Asa momba ny Fampandrosoana FJKM (SAF/FJKM)
- Soa Afafy Hampahomby ny ho Avy (SAHA)
- Solidarité des Intervenants sur le Foncier (SIF)
- Tafo Mihaavo
- Tany Meva
- Tour d'Alaotra (TDA)
- Transparency International - Initiative Madagascar
- Unis Vers Vintsy (UVV)
- Vazantany
- Voahary Salama
- World Wide Fund for Nature - Madagascar (WWF)
- Y-connect
- Young Men's Christian Association Madagascar (YMCA)
- Zà Bibikely